Fitondrana Rajoelina 3

**Resaka sisa no be, fa tsy tafavoaka ny fanatanterahan'asa**

Sarotra ny fiainana 2

**Mivelona amin'ny sitrany ahay ny Malagasy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 15 aprily 2023 Laharana 1425 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Tokony ho saziana 3

**Depiote IRD mandranitra resaka fihaviana**

Bemanonga, Analaiva, Ankilivalo, Mahabo 2

# Faly tena faly ny olona nihaona tamin'ny filoha Ravalomanana



Angôvo 7

# Mijaly jiro i Morondava sahirana ny mpanjifa



Toa bankiropotra ny fitondrana 6

# Mitaky ny handoavana ny tambin-karamany ny Internes any Fianarantsoa



Fanaovana pasipaoro 6

# Hiteraka kolikoly ny filaharana lavareny




Depiote vehivavy niteniteny foana 2

**Azo amporisihana hifanavakavaka ny olona hoy Mamy Gotso**

Rugby Vehivavy sy "XXL Energy Top 20 5

**Hitohy anio sy rahampitso etsy Andohatapenaka**

**Daka kely**



Efa akaiky ny farany ka dia miteniteny foana daholo ialahy isany ry Boaikely a !

BEMANONGA, ANALAIVA, ANKILIVALO, MAHABO

# Faly tena faly ny olona nihaona tamin'ny filoha Ravalomanana



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany amin'ny faritra Menabe omaly.*

Any amin'ny faritra Menabe amin' izao fotoana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filoha nasionalin'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM Marc Ravalomanana. Toerana maromaro no notsidihany omaly, ny tany Bemanonga sy Analaiva, samy ao amin'ny distrikan'i Morondava, ary ny tany Ankilivalo sy Mahabo, samy any amin'ny distrikan'i Mahabo. Tamin'ireo toerana izay nolalovany, tsy nanaiky ireo olona raha tsy nijanona nitafa tamin'izy ireo izy, faly tena faly ireo mponina nitafa sy nihaona mivantana tamin'ny filoha Marc Ravalomanana. Any Morondava anio no hanatanterahana ny kongresim-paritry ny antoko TIM any amin'ny faritra Menabe. Nanomana izany niaraka tamin'ireo mpitarika ny antoko tany an-toerana koa omaly ny filoha Marc Ravalomanana. Tao Bemanonga, tsy namelan'ireo mponina izy, raha tsy niresaka sy nihaino ny fitarainan'izy ireo. Tao Morondava afak' omaly, nitafa sy nihaino ny fitarainan'ireo mpanarato, tao amorondranomasin'i Morondava ny filoha nasionalin'ny antoko TIM. Nifampidinika tamin'ireo mpitarika ny antoko TIM any Morondava faritra Menabe ihany koa izy, mikasika ny resaka lisitry ny mpifidy, sy ny raharaha manokana momba ny TIM any amin'ny faritra Menabe. Tamin'ireo toerana rehetra nolalovany, nanentana ny rehetra hisoratra anarana amin' ny lisi-pifidianana izy, ho an'ireo mbola tsy nahavita izany. Ny fifidianana hoy i Dada no hahafahana manilika izao fitondrana mpampijaly vahoaka izao. Miara-dia aminy any an-toerana ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko, ahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionalin'ny TIM Jean Claude Rakotonirina, any koa ny depiote isany Fetra Ralambozafimbololona, Mamy Rabenirina, Emilien Ramboasalama ary ny depiote Rastany.

**Isambilo**

Distrikan'Ambanja

## 68,62% eo ny fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana



*Ny famaranana vonjy maika ny lisitry ny mpifidy tany Ambanja.*

Nampahafantarina tany Ambanja faritra Diana ihany koa tamin'ity herinandro ity, ny famaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana. Tonga nanatrika izany ny avy amin'ny antoko TIM sy ny antoko MMM any an-toerana ary ireo avy amin'ny fiarahamonim-pirenena. 83.849 ireo mpifidy voasoratra anarana tao anivon'ny distrikan'Ambanja izay manome tahany isan-jato: 68,62%. Mbola mitohy araka izany ny fanentanana atao amin'ireo olompirenena, hijery sy hanitsy ny anarany ao anaty lisitry ny mpifidy, ary hisoratra anarana any amin'ny biraom-pokontany mandrapahatongan'ny 31 mey ho avy izao , raha ny 12 jona kosa ny famaranana ofisialy izany lisitry ny mpifidy izany.

**LW**

Depiote vehivavy niteniteny foana

## Aza amporisihana hifanavakavaka ny olona hoy Mamy Gotso

Manoloana ny lahateny nataon'ny depiote vehivavy iray tany Sambava ny alakamisy teo, nivoaka tamin'ny fahanginana ny mpanakanto Mamy Gotso: aza amporisihana hifanavakavaka ny olona hoy izy:"azafady Ranabavy ! Aza mba atosika hanao lohamboto amim-behivavy izahay, aza terena hanota fady vehivavy ihany koa,
hajaina ny vehivavy rehefa mahay manaja ny hasin'ny maha reny, sy anabavy sy vady azy. Fa na ny mpivarotena aza mbola hajainay sy arovanay, satria manaja tena sy manaja anay. Aza atosikao hifanavakavaka izahay ary aza atosika any amin'ny fifankahalana ny samy malagasy mpiray tanindrazana izahay." Maro tokoa no tohina tamin'ny kabary nataon'ny depioten'ny IRD, Jocelyne Maxime tany Sambava iny, tsy vitsy ireo mitaky ny hanasaziana ity olom-boafidy ity.

**Isambilo**



*Ny mpanakanto Mamy Gotso.*

### Ny Valosoa sy fakafaka

Sarotra ny fiainana

## Mivelona amin'ny sitrany ahay ny Malagasy

Tena sarotra ny fiainana eto amintsika amin'izao fotoana, noho izay antony izay, mivelona amin'ny sitrany ahay ny ankamaroan'ny Malagasy.
Hita sy tsapa amin'izao fitondrana Rajoelina izay fitondrana FENITRA diso làlana izao, fa midangana tokoa ny fanararaotana, mivelona amin' ny "SITRANY AHAY "avokoa ny ankamaroan'ny maro eto amin'ny firenena. Ny fikaroham-bola izay atao hoy ireo izay nanipy hevitra, dia mifantoka amin'ny sitrany ahay hatrany, noho izao fisondrotan'ny fiainana izao, izany hoe na ny mpivarotra na ny mpanjifa dia samy mikafiry vola avokoa, ka ny andaniny raha mivarotra dia voatery manondrotra ny vidin'entana ho lafobe tokoa, satria hono mbola handoa vola eny amin'ny Jirama, ny hofan-trano, ny zava-pihinana, ny fitaterana sy ny anjaran'ireo zanaka, ka voatery manondrotra ny vidin'entana mba ho sitrany ahay... Ireo mpanjifa koa raha miantsena dia miady varotra be na mividy izay kely azo fotsiny ihany, satria toy ny rano ny fivoahan'ny vola, ka tsy ampy raha tsy manao kahihitra hatrany, mibanjina ny sitrany ahay koa.
Ny vidin-javatra ilaina isan'andro dia nisondrotra lafobe avokoa amin'ny ankapobeny, ka rehefa mikarakara ny ao an-tokantrano, dia ny sitrany ahay hatrany no mibahana ao an-tsaina, ka na ny sirandaoka aza dia lasa zara fa misy indraindray. Ny vola moa no fototry ny raharaha eto, nefa na ny zavatra atao, ny fitaovana ilaina sy izay ho enti-manana amin'izany dia tsapa fa : "ny vola tokoa no hozatry ny fiainana ". Tsorina anefa fa marobe ireo olona tsy an'asa, very noho ny hetraketraka tamin'ny taona 2009 nataon-dRajoelina sy ny forongony ohatra, ka lasa manao toetra tsy mendrika etsy sy eroa ny olona sasany, mangalatra, manolan-jaza, sns… ka tsy tombon-tsoa intsony fa "sitrany ahay " hatrany, izay hita koa amin'ireo mpamono olona sasany, satria mangalatra na mamono olona izy ireny, mba hahazo finday fotsiny ihany ohatra. Mikorosy mikororosy hatrany ny fiainan-dRamalagasy.

**Beharo**

### TONONKALO

## Solombava very hasina ?

Angaha dia mahantra ianareo solombava
No dia mitakizina akaiky mazava ?
Mandohalika imason`ny mpanatanteraka,
F`efa ny donto sy tena miveraka ?

Tsy aminareo ve ilay fahefana
Ny handidy sy hanapaka izay ho lalàna ?
Sa voavidim-bola ianareo maro an`isa,
Ka saribakolin`ny "mpanana" sisa ?

Ny mpanapitrisa no re fa mandidy,
Ka indro ianareo fa tsy manan-tsafidy ?
Dia manaiky lava sy manangan-tanana,
Izay no porofon`ilay havendranana ?

Fitiavam-bola no tena mibahana
Ka dia namidy ve ny fahafahana ?
Eny amin`ny fotaka no mitsinkasina,
Fa hay solombava efa toa very hasina ?

**TSIMIMALO (13-04-23)**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Resaka sisa no be, fa tsy tafavoaka amin'ny fanatanterahan'asa

Resaka sisa ka mba ataon'izao fitondrana Rajoelina izao, izay milaza fa hanampy ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo renivohitra amin'ny fanarenana fanamboarana ny lalana simba tanteraka. Tsy misy lalana izay tsy simba lalina, feno lavadavaka be eto Antananarivo renivohitra tato anatin'ny volana maro izao. Efa lasa lavitra ny fahapotehan'ny lalana eto an-drenivohitra ary sarotra ny fanarenana. Manaporofo izany ny governnoran'Analamanga, izay niàla maina, tsy nahavita ny fanamby nataony hanamboatra ny lalana hanampiana ny Ben'ny tanànan'Antananarivo. Nisy mihitsy ny filazana nataony tamin'izany raha toa ka tsy vitany ny lalana simba. Iarahan'ny mponin'Antananarivo mahalala tsara anefa ny zava-misy hatreto, mitovy amin'ny lalana simba sy potika any amin'ny faritra samihafa malaza amin'ny faharatsian'ny lalana, indrindra rehefa amin'ny fotoam-pahavaratra ny zava-misy eto Antananarivo renivohitra. Resaka ka resaka ka mba atao ny an'ny fitondrana Rajoelina, fa tsy hisy afitsoka firy tahaka ny governoran'Analamanga ihany koa izy. Ny Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra rahateo dia efa mangina tsy ahitan-teny intsony, satria tsy nahavita mihitsy na dia nanome toky ny mponina aza, fa ho vitany tsara lavitra noho ny mpitondra teo aloha i Antananarivo nandritry ny fampielezan-kevitra nataony. Namita-bahoaka i Vazahabe Naina Andriatsitohaina, ary mila mifona amin'ny vahoakan'Antananarivo, fa tsy nahatanteraka ny fampanantenany, raha olona manana fahendrena tokoa sy mendrika hitondra vahoaka sy ity renivohitr'i Madagasikara ity. Kanefa ny olon'izao fitondrana izao, iaraha-mahafantatra tsara, fa tsy mba mahay miaiky fahadisoana sy tsy fahavitana andraikitra napetraky ny vahoaka taminy. Ny ataony aza matetika manilika amin'ny hafa ny hadisoana. Tsy mendrika ho tomponandraikitra hitondra vahoaka izany.

Tsy azo saintsainina velively ny hahavitan'izao fitondrana izao ny fanarenana ny fahasimbana fahapotehana lalina amin'ny lalana eto Antananarivo renivohitra. Efa am-bolana vitsy rahateo sisa no haha eo azy eo amin'ny fitondrana. Tsy hisy zavatra hiova intsony eto, hoy ny mpahay politika sy mpamakafaka ny raharaham-pirenena. Mandrovi-tsihy sisa no ataony ka atao avokoa izay azo isarangotana rehetra toy ireny natao tany amin'ny faritr'i Sava ireny. Manambitamby vahoaka sisa no atao, mba hahafahana mihazona ny seza. Miendrika politika famitaham-bahoaka ihany koa anefa izany. Tao anatin'ny efa-taona mahery, tsy hita izay natao hanatsarana ny fiainam-bahoaka manerana ny Nosy, izao vao mody mikoropaka. "Akoho tsy naneno hoatr'izay, ...." Isika rehetra no manohy azy, hoy ny fitenenana izay.

***Sôh'son***

**Lesoka sy olana eto amin'ny firenena**

# Hiroso amin'ny varavarana misokatra faharoa ny AFK

Hijery sy handinika lalina ary hifanakalo hevitra, ny amin'ny lesoka na fositra miteraka olana eto amin'ny firenena ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Efa nanomboka ny volana martsa lasa teo izany tamin'ny alalan'ny varavarana misokatra nokarakarainy. Mitohy ny asa, fa tsy iandrasana ela intsony, fa efa natomboka izy ity. Ny alatsinainy 17 Aprily 2023 izao, hanomboka amin'ny 9 ora maraina no hanatanterahany indray ny varavarana misokatra faharoa eny amin'ny Tanà Hotel Antaninarenina. Hiompana amin'ny fanovana lasintsaina amin'ny seha-panabeazana no ho votoatin'ny dinik'asa, izay manana ny anjara toerany lehibe tokoa eto amin'ny firenena. Iaraha-mahalala, fa mandringa tokoa io sehatra io ary ahitana lesoka lehibe, izay miteraka fiantraikany ratsy eo amin'ny fitantanam-pirenena sy anivon'ny fiaraha-monina.


*Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.*

Maika ny fotoana fanarenana ny firenena ao anatin'izao fahoriam-bahoaka sy fahantrana lalin'ny firenena izao. Tsy eken'ny saina ny mbola hahapotehin'ny firenena bebe kokoa noho izao efa iainana izao. Iaraha-mahita sy miaina rahateo fa tsy misy fihatsarany ny fiainam-bahoaka. Midangana andro aman'alina ny vidim-piainana, tsy milamina ny fandriampahalemana, manjaka ny fahalovana toy ny kolikoly izay mahazo vahana hatrany, ny mpanefoefo mpanambola teratany sy indrindra ny vahiny no manjakazaka amin'ny harem-pirenena sy eto amin'ny firenena mihitsy amin'ny sehatra maro samihafa; ny vahoaka sy mpitondra tsy mifampatoky intsony ary miha-mitombo hatrany ny elanelana eo amin'ny roa tonta. Zara raha misy finiavana hamerenana marina ny tena fihavanana sy ny firaisankina tena maha malagasy, fa ampisaina isaky ny voatohintohina ny tombontsoa. Maro tsy voatanisa ny zava-mitranga maneho ny fikorosofahan'ny firenena, ary iaraha-mahita tsara izany, ankoatra ireo sokajin' olona manao solomaso hafa, ka manohana be fahatany ny fitondrana. Manana vahaolana lehibe amin'izany ny AFK, vahaolana izay voaporofo ara-tsiansa, fa mitombina tanteraka ary mahomby. Raha liana ianao olom-pirenena vonona hiarahientana aminy, ny fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Harena A.**

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Iaviantsoa R.**

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

### Tokony ho saziana

## Depiote IRD mandranitra resaka fihaviana



**Jocelyn Rakotoson :** tokony ho saziana mihitsy ny depiote IRD Jocelyne Maxime, mandranitra resaka fihaviana. Mankadala olo avy avaratra hono ny olo avy atsimo: "tsy olo boaka atsimo any, no hankadala antsika avaratra aty", hoy izy.

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** "MIDE-MISIÔNEA ANAREO, raha lehilahy" Akory soa hoe hoy Madamo?
Discours "TRIBALISTE" sady mamono Hasina ny Soatoavin'ny FIHAVANANA no manimbazimba ny lalampanorenana @ maha iray an'i Madagasikara no nataon'ny depiote Jocelyne Maxime tany Sambava.

**Anthelme Ramparany :** maninona tsara hono izahay avy atsimo mon frère ? Fa rehefa avy aiza de tsy mankadala ny fiantso azy? Ty vava eeee,

**Francelie Berger Bemalaza :** rehefa poritra dia tsy manana contrôle de soi.

**Nath Rasolonjatovo :** eo imason'olobe en plus !
Fisandratana Mirindra : trop c trop...

**Riribe Toamasina :** rehefa ny ANTOKO POLITIKA no tsy MANABE ny olom-pirenena, indrindra fa ny mpikambana ao aminy dia toa izao no toetran'ny ankamaroan'ireo mpikambana ao aminy. Tsy ampy fahalalam-pomba, mikapokapoka Karaha konkasera vaky, manavakavaka ara-poko. Raha mpanohitra no niteny toa io dia efa tany ANTANIMORA satria manavaka ara-poko.

**Fisandratana Mirindra :** mi-depasse borne.

**Jao Heritiana Hassany :** rehefa jiolahimbavy sy jiolahimboto no mitondra firenena dia ohatr'izao ny fitenenana. Dia hanantena inona eo moa isika ity. Dia mety miandry valinkafatra avy any atsimo zany angamba!

**Andry Andriamamonjy :** fahanan'ny sasany ity fampanantenana poak'aty sy revin-gadra rehetra ity nefa tsy mahateny. Manao vavan'ny mpiady antsena sisa.

**Paolo Emilio Raholinarivo Solonavalona :** tsy mety kosa izany fiteny izany.

**Francis Hary Soleman Kone : Paolo Emilio Raholinarivo Solonavalona :** qu'elle s'excuse en public.

**Clement Mahavilaza : Paolo Emilio Raholinarivo Solonavalona :** masiaka be ilay fiteny.

**Miaro Rama :** ary ilay misikotra orona polisy ahoana? Tsy vao izao io Ramatoa io no nihoa-pefy sy nanondrana dia hanao inona ianareo ? Refesiny daholo dia mimenomenona sy mijery fotsiny isika...
Endrin'i Malala Soariziky : bravo Mme VPAN Jocelyne Maxime... mahay anareo tsara zay, mazava tsara tsy mila jiro e... Raha tena Jaolahy fa tsy sarimbavy d mila mi-démissionner IRD zalahy e, ry olo boaka atsimo any e.

**Riribe Toamasina : Endrin'i Malala Soariziky :** olo tsy ampy fahalalana, Depute mako... mikapokapoka fahatany, tsy ampy fahalalana.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana, nitafa sy nihaino ny fitarainan'ireo mpanarato, any Morondava faritra Menabe.**









**Nifampidinika tamin'ireo mpitarika ny antoko TIM any Morondava faritra Menabe ny filoha Marc Ravalomanana, mikasika ny resaka lisitry ny mpifidy, sy ny raharaha manokana momba ny TIM any Morondava.**










## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa izany rehetra izany dia katsahin'ny jentilisa fatratra; fa fantatry ny Rainareo izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany."*

***Matio 6:32***

### RUGBY VEHIVAVY SY "XXL ENERGY TOP 20

# Hitohy anio sy rahampitso etsy Andohatapenaka



*Fifaninanana XXL Energy Top 20, 2023.*

Hitohy anio sabotsy 15 sy rahampitso alahady 16 aprily 2023 etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, ny fifaninanana rugby Malagasy fiadiana ny ny « Championnat de Madagascar Dame" sy ny "XXL Energy Top 20". Fandaharan-dalao anio sabotsy 15 aprily tsy hisy vidim-pidirana : "2è Division Dame" 09:00-Asut Université Antananarivo # XV Red Tanjombato, 11:00-Uasc Cheminot # Rosa Club Antohomadinika. "1ère Division Dame" 13:00-Ftm Manjakaray # Rcts Soavimasoandro, 15:00-Scb Besarety # 3Fb Fahasalamana. Fandaharan-dalao rahampitso alahady 16 aprily : 09:00-Tfma Ankasina # Fbm Bemasoandro, 11:00-3Fb Fahasalamana # XV Avenir Andohatapenaka, 13:00-Stm Savonnerie # Ftba Andohatapenaka, 15:00-Tfa Anatihazo # XV Fa Ampasika.

***Rainilita***

### Orange Pro-League 2022-2023

# Tafita amin'ny «PLAYOFFS » ny Elgeco Plus



*Elgeco Plus 2023.*

Ekipa faha-4 tafita hitrika ny dingana «PLAYOFFS » amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro-League 2022-2023" ny ekipan'ny Elgeco Plus, izay manana isa 22 ao amin'ny « Conférence Sud ». Anio sabotsy 15 sy rahampitso alahady 16 aprily 2023 no hanatanterahina ny andro faha-14 amin'ity fifaninanana ity. Fandaharan-dalao "Conférence Sud" : sabotsy 15 aprily 2023 : 14:30-Cffa # Jet Kintana (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"), Alahady 16 aprily 2023 : 14:30-Dato Fc # Disciples Fc (kianja sentetika Manakara), Elgeco Plus # 3Fb Toliara (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"), Zanakala Fc # Mama Fc (kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa"). Fandaharan-dalao "Conférence Nord" : Asabotsy 15 aprily 2023 : 14 :30-Tffc # Ajesaia (kianja sentetika Ambohidratrimo), Uscafoot # As Fanalamanga (kianja monisipaly Alarobia), Alahady 16 aprily 2023 : 14 :30-Fosa Juniors Fc # Tia Kitra Fc (kianja Rabemananjara Mahajanga), Asa Diana # Cosfa (kianja monisipaly Antsiranana).

***Rainilita***

### Aviron "Beach Rowing Sprint"

# Hatao any Mahajanga amin'ny 12-19 aogositra izao



*Mpanao Aviron Malagasy.*

Ho tontosaina any Mahajanga amin'ny 12 ka hatramin'ny 19 aogositra 2023 ho avy izao, ny fifaninanana Aviron "Beach Rowing Sprint", izay ho karakarain'ny Federasiona Malagasin'ny taranja Aviron, na fivoizana lakana miamboho tarihan'ny filohany, Mouhidine Mohamad ary handraisan'ny firenena Afrikanina miisa 5 anjara toa an'i Ouganda, Somalie, Namibie, Djibouti ary i Maldives. Tonga nitsidika tamin'ny fomba am-panajana sy nampahafantatra an'izany tamin'ny Minisitra André Haja Resampa teny amin'ny MJS Ambohijatovo tamin'ny alakamisy 13 aprily 2023 teo, ny filohan'ny Aviron Malagasy.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy petit-pois indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary kôkômbra miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny marigaozy

Ny soa azo avy amin'ny marigaozy na margose indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Anisan'ny legioma tsara ny merigaozy, fanafody ihany koa ny raviny.

Ireto avy ny zava-tsoa azo avy aminy :

- Manasitrana ny aretin'ny taovam-pisefona : kohaka, sempotra sns...
- Tsara ho an'ny aty, miaro sy manasitrana aretina aty.
- Mampatanjaka ny hery fiarovana.
- Tsara ho an'ny hoditra, manala aretin'ny hoditra.
- Tsara ho an'ny misy diabeta.
- Fanafody constipation, na mitohana.
- Tsara ho an'ny voa ( reins ),
- Tsara ho an'ny fo.
- Fanafody cancer na homamiadana.
- Mitondra hery.
- Manadio rà
- Tsara ho an'ny volo.
- Mampihena vatana, manala tavy.

Afaka atao jus izy, azo atao laoka koa.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antanifotsy distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antanifotsy distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanifotsy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 11 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila. Mpanjono ihany koa ny mponina any Antanifotsy.



**FANAOVANA PASIPAORO**

# Mety hiteraka kolikoly ny filaharana lavareny

Filaharambe mihitsy amin'izao fotoana ny fanaovana pasipaoro etsy Anosy, izany toe-javatra izany dia mety hiteraka kolikoly amin'ny fanaovana azy. Na izany na tsy izany, misy ny fandaminana vaovao ataon' ny ao anivon'ny sampandrarahara manao ny pasipaoro eto amintsika.
Ho fanampiana ireo olona tonga hanao pasipaoro eny Anosy, misy ny fandaminana vaovao apetraky ny sampan-draharaha manao izany nanomboka omaly 14 April, ka toy izao manaraka izao izany :
misokatra amin'ny 06 ora maraina ny fandraisana ireo antontan-taratasy. Raha sendra mahita olona na Polisy manao kolikoly dia afaka antsoina ny laharana 034 05 507 34.
Efa misy ihany koa ireo Polisy avy ao amin'ny IGPN, afaka hanatonana eny an- teorana raha sendra misy izany .
Mba hanafainganana ny fandinihana sy ny fankatoavana ny antotan-taratasy ilaina amin'ny fahazoana Pasipaoro dia aato aloha ny fitakiana ny "lettre d'hébergement".
Hisy ihany koa ny fandaminana vaovao hapetraka, hialana amin'ny filaharana lavareny sy ny fandanim-potoana, koa iangaviana isika hanaraka izany, hoy ny tompon'andraikitra.




*Pasipaoro Malagasy.*

***Niaina***

Volley ball Jeunes sy 2DF sy 2DM tany Antsirabe

# Tontosa omaly zoma ireo lalao famaranana rehetra

Tontosa omaly zoma 14 aprily 2023 tao amin'ny kianja Ensoa, sy tao amin'ny kianja mitafon'ny Acmil Antsirabe, ireo lalao fiadian-toerana faha-3 sy ireo lalao famaranana rehetra tamin'ny fifaninanana volley-ball, fiadiana ny "Coupe de Madagascar Jeunes U14, U16 ary U20" sy fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy 2DM sy 2DF ary dia izay ihany koa, no namarana an'ity hetsika volley- ball natao tany Antsirabe ity. Nanomboka tamin'ny maraina tamin'io omaly io dia efa nanomboka ireo lalao fiadiantoerana U 14 F izay nifanandrinan'ny Asca 1 sy Gnvb 2, U 16 F ny Evbi sy Evbfi, U 20 F ny Evba sy Stef'Auto, U 20G ny Evra sy Gsvbc ary 2DM ny Sdv sy Avbc. Tamin'io maraina ihany koa nanatanterahana an'ireo lalao famaranana U14 F nifanandrinan'ny GNVB 1 sy ny MVBC narahan'ny famaranana sokajy U 16F nifanandrinan'ny ASI sy ny GNVB, sy ny sokajy U20F nihaonan'ny ASI sy GNVB, ny sokajy U20F nifanandrinan'ny BI'AS sy GNVB, ny sokajy 2DF nihaonan'ny SQUAD sy ny AVBA, ny sokajy U20G nifanandrinan'ny ASI sy ny MVBC ary ny sokajy 2DM nihaonan'ny POLE GNVB sy ny NADJ.



*Mpifaninana Volley tany Antsirabe.*

***Rainilita***

Tournoi de Pâques National 3Fa 2023

# Hisy vidim-pidirana anio eny Ankadikely Ilafy

Hisy vidim-pidirana anio, ny fanatrehana an'ireo lalao famaranana amin'ny fifaninanana baolina kitra, "Tournoi de Pâques National" karakarain'ny Club 3fa Avaradrano, izay ho tanterahina eny amin'ny kianja Fifankatiavana commune Ankadikely Ilafy hanomboka amin'ny 8 ora maraina, ka hosokafan'ny famaranana sokajy U 8 sy U10 ary U 12 sy U 14. Hanaraka azy misesy eo kosa ireo famaranana Sokajy 16 taona : Afc Ankadikely # Tfc Sab/Nam, Sokajy vehivavy : Ac Sab/Nam # Ufa Sab/Nam, Sokajy 18 taona : Jet Académie Bongolava # Avenir Betsiboka na B102 Atsimondrano.



*Fanokafana teny Ankadikely Ilafy.*

***Rainilita***

Toa bankiropotra ny fitondrana

# Mitaky ny handoavana ny tambin-karamany ny Internes any Fianarantsoa

Toa bankiropotra tokoa ve ny fitondrana eto amintsika amin'izao fotoana, satria mitaky ny volany avokoa ny sokajin'olona samihafa amin'izao fotoana. Mitaky ny handoavana ny tambin-karama telo volana koa izao ny mpianatra ho mpitsabo ao Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony, mikambana ao amin'ny Union des Internes de Madagascar (UIM). Nilaza izy ireo fa efa samy nahazo ny tambin-karamany avy ny mpianatra : internes any amin'ny faritany 5 hafa afa-tsy i Fianarantsoa. Noho izany dia "tsy hiakatra service ary tsy hanao service minimum raha tsy azo ny Pre-salaire telo volana", hoy ny filazana nataon'ireto avy amin'ny UIM any amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony ireto.

***Stefa***




*Ireo internes mitokona any Fianarantsoa.*

Rugby "Barthès Trophy U20"

# Hanomboka amin'ny 22 aprily ny fifaninanana

Hanomboka amin'ny 22 ka tsy hifarana raha tsy amin'ny 30 aprily 2023 ho avy izao, any amin'ny kianja " Stade National Nyayo Nairobi Kenya" ny fifaninanana rugby fiadiana ny amboara "Trophée Barthès U 20, 2023", ka tonga dia vavany ny fifanandrinana amin'io andro voalohany io. Fandaharan-dalao feno amin'izany : 09:00-Zimbabwé # Côte d'Ivoire, 11:30-Namibie # Zambie, 14:00-Madagascar # Tunisie, 16:30-Kenya # Ouganda.

***Rainilita***




*Rugby Barthès Trophy U 20.*

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**08/04/2023 hatramin'ny 15/04/2023**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1425-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### TIM Boriboritany faha-3

## Mikarakara fampiofanana fanamboarana savony



Mikarakara fampiofanana arak'asa indray ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-3 eto Antananarivo Renivohitra, sy ny depiote voafidy tamin'ny antoko TIM ao amin'izany boriboritany izany, Feno Ralambomanana. Io fampiofanana fanamboarana savony maimaimpoana io dia hanomboka ny 19 mey 2023 ary haharitra roa (02) andro.



Olona efa manana traikefa no hampiofana amin' ireo fotoana ireo. Efa manomboka ny fisoratana anarana ary hifarana ny 10 mey ho avy izao. Ny toerana fisoratana anarana dia ao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM ao Bel'Air Ampandrana, varavarana faha-14. Ny ora fandraisana : amin'ny 08 ora maraina ka hatramin'ny 04 ora hariva.

***Niaina***

### Angôvo

## Mijaly jiro i Morondava, sahirana ny mpanjifa

Mijaly amin'ny resaka jiro tokoa amin'izao fotoana ny mponina any Morondava faritra Menabe. Tsy mandeha ny rianaratra any an-toerana manomboka amin'ny 6 ora hariva, ka mandra-paharainan'ny andro. Araka ny vaovao voaray avy any an-toerana, efa talohan'ny fetin'ny Paska no nitrangan'izao olana izao. Sahirana ny mponina, simba ny asa fivelomana, miseho lany ny tsy fandriampahalemana. Mafana ny andro, noho ny tsy fisian'ny jiro anefa dia tsy mandeha koa ireo fitaovana fampangatsiahana, sy ireo fitaovana mampangatsiatsiaka. Araka ny voalazan'ny tompon'andraikitra dia noho ny tsy fahampian'ny solika no mahatonga izany, efa am-piandrasana an'izany izy ireo. Ny rano no nambaran'ny tompon'andraikitra fa tena ilaina kokoa noho ny jiro, mba hampandehanana ny rano any an-toerana, ny jiro ilaina ampandehanana ny fahazoana rano aloha no mandeha sy ampiasaina amin'izao fotoana ny amin'ny renivohitry ny faritra Menabe.

***Stefa***



## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 430**

| | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | |
| | | | | | Andosirana<br>Voan'ny rano<br>Tsofoka | | |
| | Naoty<br>Tsapa<br>Marika | | | | | Kianteny<br>Loka | |
| | | | Fanafody<br>Ivy (BR)<br>Androany | | | | |
| | | | | Andro<br>Poleta (miv)<br>Milaza fotoana | | | |
| | | | | | | Ao @ hira<br>Leo (miv)<br>Nanolotra | |
| | Vizana<br>Eto afovoan-tany | | | Zanak'i Dada<br>Sekolim-panjakana<br>Banky | | | |

**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0429)

***Mitsivalana***
- Andriana
- Kiraro
- Fo (miv) – Naka
- Nindrana
- Ory
- Rà – Imamo
- Otra – Hao

***Mitsangana***
- Akondro
- Nify – Ta (miv)
- Dr – No
- Randria
- Mirary (miv)
- Aoka – Ha (miv)
- Amena (miv)
- As – Oo

## TENY MIFANAPAKA N° 430

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | ■ | | | | ■ | | | ■ | |
| 3 | | | | | | | | | | ■ |
| 4 | | | | | | ■ | | | | |
| 5 | | ■ | | ■ | | | | | | ■ |
| 6 | | | | | ■ | | | ■ | ■ | |
| 7 | | | | | | ■ | | | | |
| 8 | | | | | | | ■ | | | |
| 9 | | | | | | | | | | ■ |
| 10 | ■ | | | | ■ | | | | | |

**Mitsivalana**

**1.** Havizanana **2.** Ranom-bava – Maneho ranomasimbe **3.** Rindran-teny **4.** Fitaovam-pihinana – Saka **5.** Vonjeo, tsinjovy **6.** Kitapo nifonosana – Anelanelan'ny valo **7.** Biby masiaka (miv) – Matoanteny (miv) **8.** Tsy tokony natao fa mandatsa – Asa **9.** Fankatoavana (miv) **10.** Aiza ? – Azo amin'ny voaloboka

**Mitsangana**

**A.** Hamendrehana **B.** Aotra – Ankasitrahana **D.** Tarihinay **E.** Lapan'ny mpanjaka (miv) – Ahodina (miv) **F.** Vahiny aziatika – Vizana **G.** Lio – Leha (miv) **H.** Marika – Solfa **I.** Lovia (miv) – Tontosa (miv) **J.** Bengy – Tovona **K.** Maneho fivoriambe – Bibikely mangidihidy

### Valiny Teny mifanaraka 0429

**Mitsivalana**

**1.** Latabatra **2.** Tale (miv) - Antso (miv) **3.** Hanitra - Ar **4.** Iny - Reko **5.** Lanitra - Na **6.** Koa (miv) - Enina **7.** Nka **8.** Lasantsy (miv) **9.** Tsiny - Ota **10.** AAA - Aviavy

**Mitsangana**

**A** Lehilahy **B.** Alanao - Sta **D.** Taninketsa **E.** Aty - Ny **F.** Tetezana **G.** Roa (miv) - RN - Siv(y) **H.** Tsaraina **I.** RT - Naloa **J.** Kankana (miv) - TV **K.** Aroa - Anay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana, tany amin'ny seranam-piaramanidin'i Morondava, faritra Menabe ny alakamisy tolakandro teo.









## Ry olom-pirenena feno 18 taona

## Hatramin'ny 31 Mai 2023 ny fara fisoratana anaty lisim-pifidianana!!

# ZO SY ADIDY NY MIFIDY